AccueilRevenir à l'accueilCollectionManuscrits de Jean-Joseph RabeariveloCollectionLe narrateurCollectionNouvelles en malgacheItemLala roaFichier[Sans titre]



LALA ROA

(*Tohtny sady farany*)

II

Efa nahadia ny fahateloa-dalana ny alina, ka maizina aok' izany ny zavaboshary. Ny fahanginana anefa dia manana feo mahazendana sy hira mandrotsirotsy : ny riana amin' ny feony mitsitapitapy, ny ony amin' ny fimonomonony milomandavana.

Teo ampovoan' ny lanitra manga misy rahona fotsy mitambahovaho, io ny volantsinana miendri-tandroka ivoara, tazana toa mandry ilika ery an-tendron' ala.

Tampoka, hoatry ny taitra tamin' ny nofiny izy, ka somary nihilana kely, dia nandefa ny taratra volafotsiny teo ambany, eo amin' volory maitso sy malalaky ny lohasaha, toa novelurina hiketrahan' ny alina.

Teo amin' ny lalankely misfara eo amin' ny trano lehibe iray, iny misy vohivavy maadeha manao dia maika, na dia efa vizana mihitsy aza no fijery azy.

Niato matetika izy, hoatry ny tehihaino zavatra ; izao anefa no reny : piano arahim-bava no an-trano.

Vetivety fosna, tonga teo anoloan' ny trano izy, ary raheſa avy naka aina kely, dia namoba moramora ny varavarana, izay nakatony malemy dia malemy tao ivohony.

Niditra tao amin' ny efitra iray izy : nampirehitra lalampy, dia nametraka ny valiziny teo amin' ny sera iray.

— « Iza izao ambony misraka *amin'* izao ? » hoy izy, nitony irery.

Reraka fatratra Ravehivavy, ary tokony handry mihitsy raha nohenoiny ny hasarany ; saingy nisy baiko mahery, avy

ÉditeurClaire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle) Mentions légalesFiche : équipe Manuscrits francophones, ITEM (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle). Licence Creative Commons Attribution – Partage à l'Identique 3.0 (CC BY-SA 3.0 FR)

Informations sur le fichier

Nom original : NUM PRO REV Lala roa 3.pdf
Lien vers le fichier
Extension : application/pdf
Poids : 0.35 Mo

Comment citer cette page

Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle).
Consulté le 18/12/2025 sur la plate-forme EMAN :
https://eman-archives.org/francophone/files/show/3939

Fichier créé par Richard WalterFichier créé le 22/07/2015 Dernière modification le 01/09/2022